# ALAHADY IV - PAKA -TAONA A 2023



***« Lazaiko marina dia marina aminareo fa izaho no varavaran'ny ondry »***

Ry Kristianina havana, Alahady fahaefatra amin'ny Paka anio ka mahatsiaro manokana an'i Jesoa mpiandry ondry tsara isika, Izy ilay mpiara-belona amintsika, eo anivontsika. Tsy lavitra antsika i Jesoa izay nitsangan-ko velona. Miara-dalana amintsika Izy. Aoka hahatsapa izany bebe kokoa isika amin'izao Sinaody izao. Izany hoe miara-dalana amintsika Jesoa Mpiara-belona mba hivelomantsika indray NY VOKASIONTSIKA ARAKA NY NAHARIAN'ANDRIAMANITRA ANTSIKA HATRAMIN'NY VOALOHANY, izany hoe ny maha endrik'Andriamanitra antsika ka hanavao indray ny fifandraisana efa potika dia ny fifandraisana amin'ny zava-boary, amintsika samy isika eo anivon'ny fiaraha-monina ary amin'Andriamanitra

**Vakiteny I :** Asa 2, 14a. 36-41
**Tononkira :** Sal. 117,
**Vakiteny II :** 1 Pi. 2, 20b-25
**Evanjely :** Jo. 10, 1-10

Noho izany, ezahin' ny Eglizy ny mampianatra sy mampita amintsika mandritra ny Alahady rehetra fankalazana ny vanim-potoanan'ny Paka amin'ny alalan'ny litorjia izay ankalazantsika ny finoana ny maha eo akaikintsika an'i Jesoa Kristy izay nitsangan-ko velona, amin'ny maha-Kristy miara-dalana amintsika.

**Ny Alahady voalohan'ny Paka dia ankalazantsika an'i Jesoa nandresy ny ratsy** : Raha miara-dàlana sy miara-maty Aminy isika dia handresy ny ratsy. Fantantsika fa maro ny ratsy ary ny faran-tampony dia ny fahafatesana. Manjaka izany ankehitriny satria tsy eo i Jesoa mpiara-dàlana amintsika, tsy eo

eo anivontsika Izy ka izany no mahatonga ny fontsika "encombré", feno zavatra manakorontana eo amin'ny fiainana. Matetika hadinontsika fa i Jesoa nitsangan-ko velona dia i Jesoa mpamindra fo ka afaka manova tsara ny fontsika “encombré” io ho fo feno fitiavana izay hanatsara ny fiainantsika.

**Ny Alahady faharoan'ny Paka dia ankalazantsika an'i Jesoa mpamindra Fo** : i Md Tomà no azo lazaina fa nisolo vava antsika rehefa nilaza hoe : "Tompoko sy Andriamanitro” izy. Izany tokoa i Jesoa miara-belona amintsika, Tompontsika sy Andriamanitsika izy no sady mampianatra antsika hamindra fo. Banjinintsika amin’ilay Fo Masina izay niavin’ny ra sy rano io Famindrampo tsy misy fetra io ka migoka azy isika amin’ny alalan’ny Eglizy Reny Be famindrampo mikarakara sy mikolokolo hatrany ny zanany, amin’ny alalan’ny Sakramenta fa indrindra ny Eokaristia sy Konfesy. Miezaka hatrany isika mivelona amin’ny alalan’ny asan’ny famindram-po na ara-nofo na ara-panahy ary araka ny nanipihan’I Papa François dia anisan’ny asan’ny famindram-po ny fiarovana, ny fanajana ny Tontolo iainana, izay ezaka ataontsika eto amin’ny diosezy amin’izao tapany faharoa amin’ny Sinaody izao : “FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO NY TONTOLO IAINANA”

**Ny Alahady fahatelon'ny Paka dia ankalazantsika an'i Jesoa Làlana sy Fahamarinana** : Niseho sy niara-dalana tamin'ireo mpianatra roa lahy avy any Jerosalema nankany Emaosy I Jesoa. Namakivaky ny Herinandro masina isika ka tamin’izay naka ny lohahevitra hoe : *"miara-miditra amin'i Jesoa ao Jerosalema isika".* Izany hoe Jesoa nitsangan-ko velona, mpiara-dia amintsika. Rakotra zavatra maro anefa ny masontsika tahaka an'ireo mpianatra tany Emaosy ka very fanahy mbola velona. Izay ny zava-misy ankehitriny tsy mahita an'i Jesoa isika nefa eo izy miara-dàlana amintsika. Ny tadiaviny dia isika hihaino azy, hihaino ny tenin'Andriamanitra. Rehefa mihaino ny tenin'Andriamanitra isika ka mandray ny Eokaristia, mandray ny tenany, dia miova ny fiainantsika : mirehidrehitra ny fontsika, tsy "encombré" intsony fa feno hafaliana sy fiadanana ka mihazakazaka isika mankany Jerosalema izay tanànan'ny fiadanana dia tsy iza io Jerosalema io fa ny fianakaviantsika Eglizy kely, ny Eglizy fiombonana, ny Eglizy iraka no hanambarantsika ny hoe "Jesoa fiadanana mampihavana antsika, mampiombona antsika", mihazakazaka isika manambara an'izany ary handray an-tànana ny Eglizy isika. Tsy aiza io Jerosalema iverenantsika io fa ny tontolo iainana voakarakara ary voakolokolo ka maitso mitondra fanantenana mitondra amin’ny fivelarana ny mahaolona manontolo sy amin’ny olon-drehetra.

**Amin'izao Alahady fahaefatra izao dia i Jesoa Mpiandry ondry tsara** no ankalazaintsika izay hahatsiarovantsika manokana ireo izay mpiara-dia Aminy sy manokana ny fiainany manontolo ho an'i Jesoa. Tsy midika akory izany fa ny lahika vita batemy tsy mpanara-dia Azy, rehefa vita batemy isika dia mandray an'i Kristy eo anivontsika fa ireo Pretra, ny Eveka, ny Papa sy ireo mpandraharaha rehetra no heverintsika ho mpiandry ondry tsara. Tsy araky ny fomba fieritreretantsika hoe mpiandry ôndrikôndriky na "tsy magnaja" araka ny fomba fitenintsika aty avaratra anefa izany. Nanolotra ny ainy ho an’ny ondriny i Jesoa, miombona amintsika izay ondriny tiany nanolorany ny ainy izy. Izany koa no andrasana amin'ireo izay nanolotra ny ainy ho mpiara-dàlana amin'i Kristy dia ireo pretra sy ny voatokana rehetra. Koa izany no antony hivavahantsika manokana amin'ity andro anio ity ho an'ireo mpiandry ondry rehetra sady fomba iray koa entina hanampiana azy ireo ny fivavahana ho azy ireo.

Tsara ny mampahatsiahy ilay ezaka efa fanaontsika dia tsy inona fa nasaina hanangana am-panahy pretra anankiray ny fianakaviana tsirairay ato amin'ny diosezy ka hivavaka ho an’ny pretra manokana. Fomba mety hanampiana azy ireo koa ny fiasan-dôha amin'ny fomba hivelomany izany "vocation" izany. Tsy hoe sanatria ka isika indray no vato misakana tsy hahafahany mivelona an’izany tanteraka.

Maro ny fomba mety ataontsika hanampiana azy ireo amin'izany, anisan'izany ny fijoroantsika eo anivon'ny Eglizy iraka, Eglizy fiombonana fa indrindra amin'ny Eglizy kely satria araka ny fitenintsika matetika hoe ny hazo no vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara.

Manararaotra aho misaotra anareo amin'ny ezaka ataonareo hanampiana an'ireo pretrantsika, an'ireo voatokana rehetra, any amin'ny seminera. Ireny no manaporofo fa Eglizy velona isika, Eglizy mivelona ny finoana. Araka ny efa voalazantsika manome hasina ny finoako aho mba handraisako ny fahasoavana.

**Maninona tokoa moa isika mivavaka manokana ho an'ny pretra ?** Ny pretra no manolotra ny Eokaristia, ny fisian'ny Eokaristia no mamelona ny Eglizy ka tsy mahagaga isika raha manohana azy tanteraka ka isaorako anareo izany. Ny tsodranon'Andriamanitra hitantana antsika. Enga anie hitohy sy ho mafimafy kokoa hatrany izany fanohanantsika ireo mpiandry ondrintsika izany ary dia mivavaka manokana ho an'ireo mpiandry ondry izay nantsoin'Andriamanitra hanompo anareo. Mila vavaka satria fantatrareo fa ilaina izy ireo araky ny voalazan'i Md Piera ao amin'ny vakiteny voalohany : "*Ireo mpiandry ondry tsara hanambara amin'ny fiainany manontolo fa i Jesoa no mpamonjy, i Jesoa no mitondra antsika amin'ny tena fiainana, hahafahan'ny olona hilaza inona ary no ataonay ?".* Anisan’ny hafaliana ho anay mpiandry ondry tsara raha misy manontany inona no ataonay mba hahazo ny famonjena ?

Hoy i Md Piera hoe : mibebaha ! Izany no vokatry ny fiainana manambara izany famonjena izany, Vokatr’io famonjena io ny maha EOV VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA. Manana andraikitra lehibe ny Mpiandry ondry amin’izany fiarahan-dia sy fiombonana izany. Hamafisintsika ny ezaka ataontsika amin’izao Sinaody izao satria fotoana andalinam-pinoana. Sady tsy hoe amin’ny pretra fotsiny fa isika kristianina jiaby no antsoina hanorina ny Eglizy Velona. Mety hanontany isika : "inona ny ataonay". Tsy inona ny atao fa ny mibebaka, manala ny "encombrement" ao am-po ka mametraka an'i Jesoa mpiara-belona ho tompon'ny Fo, ho "chapelle" ny famindram-po eo anivon'ny fiainantsika andavanandro, hiroso amin’ny fanorenana indray ny Tranobe Iombonana efa potica isika.

Izany no mbola antintraterin'i Md Piera : raha "chapelle" famindram-po isika dia tsy amin'ny alalan'ny kobaka am-bava fotsiny fa amin'ny alalan'ny fiainantsika manasoa ny hafa ao anatin’ny fahamarinanana sy amin’ny alalan’ny fahafoizana.

Ny mpiandry ondry tsara dia manao soa ho antsika, manolotra ny ainy Izy, manasa ny tongotsika izy, nanaiky ho mpanompo, io no toetry ny mpiandry ondry tsara. Andrasana amintsika tsirairay avy ireo toetra ireo ka na izay lavitra aza dia lasa akaiky tokoa, ho sitrana ireo aretina mikiky ny fiainantsika. Tsy misy lalana andresentsika izao krizy izao raha tsy mametraka fampitoniana vokatry ny marina

mitondra amin’ny fifanasoavana sy fifampitsimbinana, mpanjaka ny fanajana ny fanana iombonana sy fikatsahana ny soa iombonana.

Ry Jesoa Tompo ô, Ianao tokoa no Mpiandry ondry tsara ka enga anie noho ny fitiavanao anay dia ho vonona hanolotra ny ainay ho an'ireo manodidina anay izahay. Enga anie ho vonona hanasoa ny hafa koa izahay, ho vonona hijoro hanambara anao, hanambara ny marina.

Noho ny fahasoavanao dia mivavaka ho an’ireo mpanara-dia Anao akaiky izay tsaroanay manokana amin' izao Alahady faha-4 ny Paka izao izahay. Mivavaka ho an'ny Papa Ray masina, izy no solon-tenanao eto afovoanay, enga anie ho hitanay tokoa ny maha-mpiandry ondry tsara azy. Enga anie ny ezaka ataony hitarika ny vahoaka hanantona anao ka ho tantanin'ny fahasoavanao mandrakariva.

Mivavaka ho an'ireo eveka, ny pretra, ny voatokana, ary mahatsiaro koa ny fianakaviana, "ny hazo vanon-ko lakana , ny tany naniriany no tsara", enga anie mba ho fianakaviana misy an'Andriamanitra ny fianakavianay ka hahatonga anay ho "chapelle"ny famindram-po velona eo amin'ny fiainanay andavanandro. Masina Maria Reny, Ianao no Renin’ny Mpiandry Ondry tsara ka ankininay aminao ireo Mpiandry Ondrinay rehetra mba hanahaka ilay Mpiandry Ondry tsara dia Jesoa Zanakao. Md Josefa Ray, Mpiaro ny Eglizy ianao ka ankininay aminao ireo mpiofana ho mpiandry ondry na lehilahy na vehivavy. Ampio koa ireo miomana hanorina tokantrano rehetra mba hahatsapa fa ny hazo no vanon-ko lakana dia ny tany naniriany no tsara. Tsy ho hisy tokoa ny vokasiona raha tsy eo anivon’ny fiainam-pianakaviana araka ny sitrak’Andriamanitra. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson